Ny Fandevenana

Ray any An-danitra isaorana, miaraka amin'ny—ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina efa eto, no anatonanay Ny Teninao Masina. Ary na dia miaraka amin'ny feo ratsy aza miezaka mba hihazona indray, ka miteny an'ireo teny miadana mihitsy sy mafy orina arak'izay vitako, dia mangataka ny Fitarihanao Masina aho sy ny hosotry ny Fanahy Masina mba hihetsika eo anivonay izao hariva izao. Ary enga anie Izy Izay manatrika mandrakariva, enga anie Izy handray ny Tenin'Andriamanitra ka hanome an'Izany ho an'ny fo tsirairay, arak'izay ilainay mihitsy. Enga anie Izy hamahana anay izao hariva izao, amin'ireo zavatra tsara an'Andriamanitra.

2 Ary izao hariva izao, raha miresaka eo amin'ny Teny izahay, dia enga anie ny fonay ho any amin'ny maily maro hatrany Kalvary, izay nandoavan'i Jesosy an'ilay vidiny ampy tanteraka izay notakian'ireo fitsarana lehibe an'Andriamanitra, hatrany amin'ny sahan'i Edena. Ary enga anie izahay androany hahalala fa nohamarinina maimaim-poana tamin'ny alàlan'ny Fitsanganany izahay, sy tamin'ny alàlan'ny Fahafatesany, fandevenany, ary fitsanganany.

3 Ary izao hariva izao dia tsy avy amin'izao tontolo izao intsony izahay, satria efa voavidy tamin'ny vidin'ilay Rà sarobidin'ny Zanak'Andriamanitra. Ary enga anie izahay, miaraka amin'ny fo mankasitraka, hitodika Aminao izao hariva izao, miaraka amin'ny saina rehetra sy ny hery, ary izay anananay ao anatinay, ka hanompo Anao miaraka amin'ny fo madio iray, tsy mifangaro.

4 Ekeo izao hariva izao, Ray, raha hisy sasany eto izay tsy mahafantatra Anao, tamin'ny famelàna ny fahotany, enga anie izy ireo amin'ity hariva ity hanatona am-panetre-tena eo amin'ny hazo fijaliana, ka eo no hiaikeny ny fahotany amin'Andriamanitra izay marina, mba hamela. Ary enga anie ity ho hariva lehibe iray ho anay rehetra. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'Ny Zanakao izahay, ny Tompo Jesosy. Amena.

5 Ankehitriny fantatsika tokoa fa tsy misy olona iray, eto an-tany, izay mahay mandray amin'ny fahampiana ny Tenin'Andriamanitra ka manambara Azy, satria ny Teny dia voasoratra tamin'ny alàlan'ny tsindrimandry. Ny Fanahy Masina no Mpanoratra ny Teny.

6 Ary rehefa notadiavina ny anankiray, tany An-danitra, mba handray ny Boky sy hamaha an'ireo Tombokase, dia tsy nisy olona iray hita tany An-danitra, na tety an-tany, na tany ambanin'ny tany, izay mendrika ny hamaha an'ireo Tombokase, na hijery eo amin'ny Boky akory aza. Ary nisy Zanak'ondry iray

Tany izay efa voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary tonga Izy ka nandray ny Boky avy teny an-tànan'Ilay nipetraka teo amin'ny Seza fiandrianana, ary namaha an'ireo Tombokase ka nanokatra ny Teny.

7 Ary mino sy matoky Azy isika izao hariva izao, hoe Izy no hanokatra ny Teny ho antsika, ary ankehitriny raha mamaky ao amin'ny toko faha-2 an'ny Asa aho.

8 Araka ny efa nolazaiko, ny hariva voalohany dia *Ny Fihaviana Faharoa*, ary . . . an'ny Tompo Jesosy, tamin'ny Alarobia izany. Ary ny Alakamisy hariva dia teo amin'*Ilay Fanatitra Ampy Tanteraka*. Ary ny Zoma hariva dia teo amin'*Ilay Fanaovam-panavotana Ampy Tanteraka; Ilay Tanteraka*. Azonareo ve ilay izy omaly hariva? *Tanteraka*, ahoana no ahafahantsika ho tsy misy tsiny tanteraka tokoa sy tanteraka eo imason'Andriamanitra! Ary izao hariva izao dia eo amin'*Ny Fandevenana*. Ary rahampitso, *Ny Fitsanganana*. Arakaraky ny hitohizan'ny andro fotsiny.

9 Ankehitriny dia nisafidy aho izao hariva izao, ho an'ny famakiana ny Soratro, avy ao amin'ny Bokin'ny Asa, ny toko faha-2 ary ny andininy faha-25, faha-26, ary faha-27, tafiditra. Ary tahaka an'izao no vakin'Izany, Petera no miteny.

> Davida, *fa Davida* niteny *nikasika azy hoe, Nahita mialoha ny Tompo teo anatrehako mandrakariva aho, satria eo an-tànana ankavanako izy, mba tsy hangozohozo aho:*
>
> *Noho izany no nifalian'ny foko, sy niravoravoan'ny lelako; ny nofoko koa hitoetra amin'ny fanantenana:*
>
> *Satria ianao* tsy *hahafoy ny aiko any amin'ny helo, sady ianao koa* tsy *hamela* ny *Iray Masinao hahita ny lò*.

10 Lahateny iray tsara tarehy toy ny inona ho an'ity hariva ity, mba hahazoana foto-kevitra mikasika Azy izay tao am-pasana.

11 Ny zavatra voalohany iriantsika ho jerena . . . hisarihana ny fifantohanareo, dia ny tsy maha-mety diso ny Tenin'Andriamanitra. Mihazona Ny Teniny Andriamanitra, ara-bakiteny. Ary tiantsika izao hariva izao ny hamatotra an'ireo eritreritsika eo amin'izany, hoe mihazona Ny Teniny Andriamanitra. Afaka mitoetra manana antoka ny amin'ny zavatra rehetra izay efa nolazain'Andriamanitra ao amin'Ny Teniny isika, ho ny Fahamarinana. Ary ny finoana dia tsy mitoetra eo amin'ny fasika miletsin'ny hevitr'olona na ny teolojian'ny olona, fa manana ny toeram-pitsaharany farany izy eo amin'ny Vatolampin'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay.

12 Ny Teny! Raha Andriamanitra no efa nilaza an'ilay izy, dia ny Fahamarinana mandrakizay izany. Tsy afaka hisintona an'izany hiverina mihitsy Izy ka hanao hoe, "Tsy izany no

Tiako lazaina." Afaka milaza zavatra aho ary afaka milaza zavatra ianareo, avy eo dia mirona tsy maintsy hisintona an'izany hiverina isika, satria nilaza an'ilay izy tamin'ny tsara indrindra tamin'ny fahalalantsika sy tamin'ny tsara indrindra an'ny fahaizantsika isika. Fa, arak'izany, dia tena hafa tanteraka noho isika Andriamanitra. Tsi-manam-petra Izy, noho izany dia tsy milaza zavatra iray Izy raha tsy tena tanteraka tokoa izany. Tsy nisintona an'izany niverina mihitsy Izy, tsy voatery niala tsiny mihitsy tamin'izay efa Nolazainy Izy. Izany dia mijoro foana, ho ny Fahamarinana.

13 Na dia ho an'i Jesosy aza, ao amin'ity andro malaza izay ankalazaintsika ity, rehefa namono marina tokoa Ny Zanany Andriamanitra nohon'ny fahotan'izao tontolo izao, angamba an'arivony taona talohan'ny hany nametrahana ny fanorenana mihitsy aza izany. Niteny ny Teny Andriamanitra, dia vokatra vita iray any An-danitra Izany rehefa miteny an'ilay izy Andriamanitra; efa vita ilay izy. Oh, raha afaka handramby ny dikan'izany fotsiny mantsy isika, dia ho vahoaka hafa toy ny inona isika! Ny mahita ao amin'Ireo Bokiny, ireo fitsarana izay napetraka ato ho an'ilay tsy mankatò, dia hanao olona iray handinika ny tenany izany, isan'ora; ary hanao an'ilay marina hifaly, isan'ora, mba hamaky an'ireo fitahiana izay efa nampanantenain'Andriamanitra ho an'ilay mahatoky. Ary afaka mitoetra manana antoka isika fa ho tanteraka ny Teny tsirairay, ampifikiro eo amin'izany fotsiny ny fanahintsika. Efa tahaka an'izany foana ilay izy.

14 Rehefa niteny tamin'i Noa Andriamanitra, tany aoriana tany tao amin'ilay izao tontolo izao talohan'ny safo-drano; angamba mety talohan'ny hany nanoratana Baiboly iray, na ity Baiboly ity, na ahoana na ahoana, hany nosoratana; niteny tamin'i Noa Andriamanitra fa ho avy ny tafio-drivotra iray, ka handrakotra ny tany ireo rano. Ary tsy nisy pentina porofo iray fa hitranga izany, ny zavatra rehetra dia tena nifanohitra mihitsy, dia nihetsika tamin'ny tahotra i Noa, ary nanorina an'ilay sambofiara, nanomana azy. Izany dia ho famonjena ny ankohonany sy ny tenany. Tsy nandao azy mihitsy Andriamanitra, satria Ny Teniny izany. Tsy maintsy nitranga izany rehefa Andriamanitra no nilaza fa hitranga izany.

15 Ankehitriny, rehefa i Joba, ilay Boky tranainy indrindra ao amin'ny Baiboly, izay voasoratra talohan'ny nanoratana ny Genesisy angamba, ary nampidirina tao amin'ny Baiboly izy. Ary i Mosesy no nanoratra ny Genesisy. Joba, ao amin'ny Bokiny, nitoetra am-panajana teo amin'ny teny fikasana izay nataon'Andriamanitra ho azy izy. Ary nitsangana teo akaikin'ny fanatiny dorana izy, tsy nanan-tahotra tao am-pony; nahafantatra fa, izay efa nolazain'Andriamanitra, dia hain'Andriamanitra hatao. Ary rehefa toy ny lasa nifanohitra ny zavatra rehetra, dia nitàna mafy i Joba satria mafy ny teny

fikasan'Andriamanitra. Andriamanitra no nampanantena an'i Joba, dia nitoetra teo amin'izany teny fikasana izany i Joba.

16 Oh, raha mba afaka ho tonga eo amin'io toerana izay ahafahany mitoetra am-panajana eo amin'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay ho ny Fahamarinana io mantsy ny fiangonana! Fahasamihafana iray toy ny inona no hisy, fanitsiana iray toy ny inona no hisy, fandrantsanana iray toy ny inona no hisy, fifaliana iray toy ny inona no hisy, hery iray toy ny inona no hisy, rehefa hanisy vidiny an'Andriamanitra ireo lehilahy sy vehivavy, hoe izay Nolazainy dia ny Fahamarinana. Tsy mampaninona na toy ny ahoana ireo toe-javatra, tsy misy idiran'izany amin'io. Andriamanitra no niteny an'izany; milamina hatreo izany!

17 Ary i Joba, rehefa tao anatin'ny fotoam-pizahan-toetrany lehibe indrindra an'ny fahatsapany rehetra izy; rehefa hita izy, teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, fa lehilahy marina iray. Na dia Andriamanitra aza dia nilaza fa tanteraka izy. Tsy nisy tahaka azy teto an-tany. Ary nomena tombontsoa haka fanahy azy i Satana, nanao hoe, "Hanao azy hanozona Anao eo amin'ny Tavanao aho."

18 Ary saiky naka ny ain'i Joba izy, ary ho nataony izany, saingy nanoritra fetra iray Andriamanitra, nanao hoe, "Afaka manao ny zavatra rehetra aminy ianao, saingy aza esorina ny ainy."

19 Tamin'izay fotoana izay rehefa nitsangana teo amin'ilay tena fakam-panahin'ny fotoana sarotra i Joba, dia hoy izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto an-tany Izy amin'ny andro farany. Na dia levon'ny kankan'ny hoditra aza ity vatana ity, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin'ny nofoko aho." Tsy mampaninona na toa maizina toy ny ahoana aza ilay izy, sy toa tsy misy toy ny ahoana, dia nisy zavatra teo izay nampifikiran'i Joba ny fanahiny, ny teny fikasan'Andriamanitra Mandrakizay. Oh, raha afaka hanao an'izany fotsiny mantsy isika! Mariho, nitoetra teo amin'ilay teny fikasana izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy."

20 Ary tiako ianareo hanamarika, ho an'ireo teny manaraka izay iriako ho lazaina, fa nanendry ny toeram-pandevenany i Joba. Ary rehefa maty i Joba, dia tao izy no nalevina.

21 Nisy lehilahy hafa iray, amin'ny anarana hoe Abrahama, izay nandray an'Andriamanitra tamin'Ny Teniny. Ary nino an'Andriamanitra izy. Ary niantso an'ireo zavatra izay nifanohitra tamin'ilay teny fikasana izay nomen'Andriamanitra azy izy, ho toy ny tsy nisy. Noraisiny tamin'Ny Teniny Andriamanitra. Ary rehefa lasa ireo andro, sy ireo herinandro ary ireo volana, ary na dia ireo taona aza dia lasa, tsy nampihontsona an'i Abrahama mihitsy izany na kely aza. Hoy ny Baiboly hoe, "Tsy nihanahana izy, tamin'ny tsi-finoana,

tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra; fa nahatoky izy, nanome ny dera ho an'Andriamanitra."

22 Nefa ny zavatra rehetra dia toy ny hoe, isan'andro, nitombo nihasarotra hatrany fotsiny izany isan'andro; saingy raha tokony ho lasa nalemy, dia lasa nahery isan'andro i Joba. Oh, antoka voatahy iray toy ny inona no ananantsika! Rehefa toy ny hoe mitsangana ny fahasarotana mba hanao an'ilay zavatra, izay nampanantenain'Andriamanitra, ho tsy azo atao; raha tokony hatahotra, ka hiverina any amin'izao tontolo izao, dia tokony hijoro mafy kokoa noho izay hany efa nijoroantsika isika, eo amin'ny HOY NY TOMPO HOE. Tokony hilamina hatreo izany, rehefa milaza zavatra iray Andriamanitra.

23 Ary Abrahama dia niantso an'ireo zavatra izay nisy, ho toy ny tsy nisy, satria nifanohitra tamin'ny Teny izy ireo. Ary rehefa nahavery ny malalany sady vadiny i Abrahama, Saraha, rehefa avy niara-niaina nandritry ny taona maro, dia nividy ampahan-tany iray teo akaikin'ny toerana izay nandevenana an'i Joba izy, ka nandevina an'i Saraha. Manontany ve ianareo hoe nahoana? Mpaminany izy ireo! Nahita izy ireo! Nifandray tamin'Andriamanitra izy ireo! Ary ankehitriny rehefa maty i Abrahama, dia nalevina niaraka tamin'i Saraha izy.

24 Ankehitriny, tsy tiany ny hanomezan'ireo olona ireo an'io ampahan-tany io ho azy. Novidiany izany, teo anatrehan'ireo vavolombelona. Tandindona iray tsara tarehy an'ny batisa toy ny inona. Novidiany izany, teo anatrehan'ireo vavolombelona, hoe fananany io. Oh, tahaka an'izany no tokony hanatonan'ny tena mpino iray, tsy misisisisika eny amin'ny zorony, fa mitsangana eo anatrehan'ireo vavolombelona hoe, "Izaho dia vavolombelona iray an'ny Tompo Jesosy, sy an'ny Fanahy Masina, ary an'ireo Asany lehibe," ary indrindra fa hitantsika hoe manatona ity andro ratsy ity.

25 Ary avy eo rehefa ny zanakalahin'i Abrahama, izay Isaka, tsy maintsy nomena azy ilay teny fikasana. Ary rehefa maty Isaka, dia nalevina niaraka tamin'i Abrahama izy. Ary Isaka niteraka an'i Jakoba.

26 Ary rehefa maty Jakoba, tany Egypta tany. Fa mariho, talohan'ny nahafatesany, dia nilaza tamin'ny zanany mpaminany izy, Josefa hoe, "Avia eto, anaka, ary apetraho eto ambonin'ny valahako kilemaina ny tànanao." Satria tsarovy hoe ahoana no naha-kilemaina azy, dia satria nikasika ny valahany ilay Anjelin'ny Tompo, ary nitolitsika izy hatramin'io andro io. Hoy izy hoe, "Apetraho eo amin'ny valahako ny tànanao, ka mianiàna amiko amin'ny alàlan'ilay Andriamanitry ny razantsika, fa tsy handevina ahy eto Egypta eto ianao." Nahoana? Oh, nanana ny Teny izy ireo, nanana ny fanambarana izy ireo!

27 Ary afaka mijanona eto aho, mba hilaza fa ilay fiangonan'Andriamanitra velona dia miorina eo ambonin'ny fanambarana Masina; fa tsy eo ambonin'ny anaram-piangonana, rafi-pandaminana, tsy eo ambonin'ny fanekem-pinoana na foto-pampianarana, fa eo amin'ny Fahamarinana ara-panahy voambara an'Andriamanitra velona.

28 Abela, tao amin'ny sahan'i Edena, dia nanana an'izany rehefa nanomboka ilay fiangonana. Ahoana no nahafantarany hitondra zanak'ondry iray? Nahoana izy no tsy nitondra voankazo tahaka ny nataon'i Kaina? Fa voambara taminy izany!

29 Niteny Jesosy indray mandeha, nanao hoe, "Ataon'ny olona ho Iza moa Aho ilay Zanak'olona?"

"Ny sasany nilaza fa Ianao no 'Mosesy,' sy 'Elia,' sy ny sisa."

Hoy Izy hoe, "Fa ataonareo ho Iza kosa Aho?"

30 Hitanareo, tsy mitoetra eo ambonin'izay heverin'ny olon-kafa iray izany, izany dia izay fantatrareo ho ny Fahamarinana. "Inona no lazai*nareo*?" Io fanontaniana io dia hanatrika ny tsirairay avy amintsika izao hariva izao, "Inona no lazainareo?"

31 Ary niteny haingana mihitsy i Petera, tsy nisy fihambahambana, nanao hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona."

32 Satria Jesosy Izay nahafantatra an'ireo tsiambaratelon'ny fo rehetra, satria tsy hafa Izy fa Jehovah voaseho tao amin'ny nofo, dia hoy Izy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona, zanak'i Jonasy, fa tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao, fa Ny Raiko izay any An-danitra no nanao an'izany. Ary eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy."

33 Ary isika olona araky ny ahatongavantsika, isika Loterana dia te-handeha amin'ny finoana, isika Metodista dia te-hikiakiaka mba hahazo Azy, ianareo Pentekotista dia te-hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra mba hahazo Azy, saingy izany dia any amin'ny an-tapitrisany maily lavitra Azy.

34 Izany dia fanambarana Masina iray an'i Jesosy Kristy Tompo, ilay Olon'Ny Vatany tonga voaseho tao am-po hoe, "Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy azy." Mety tanteraka miaraka amin'ny Matio izany. . .:24, 5:24, na Masindahy Jaona 5:24 hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay; ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Tsy satria hoe nanana hetsika iray ianareo, fientanam-po iray; fa satria efa nanana an'ilay tombontsoa nandray an'i Kristy voambara taminareo avy tany An-danitra ianareo hoe, "Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako."

35 Ary tamin'izay fotoana izay, Jakoba, rehefa maty izy, dia nentin'ny zanany ny vatany, ary nalevina niaraka tamin'i Abrahama izy, Isaka, Saraha, ary Joba, tao amin'ireo Tany Masina, any Palestina.

36 Avy eo, Josefa, satria mpaminany iray. Nambinina izy tany Egypta tany. Nahafantatra an'Andriamanitra izy. Nanambara ny Tenany taminy Andriamanitra. Ary rehefa maty izy, dia nanao hoe, "Aza alevinareo eto ny taolako, fa ataovy... rehefa... Indray andro any dia azo antoka fa hamangy anareo Andriamanitra!" Nahoana? Nitoetra am-panajana teo amin'ny Tenin'Andriamanitra tamin'i Mosesy izy hoe, "Efajato taona no hanompoanareo an'ity firenena ity, fa Izaho no hitondra anareo hivoaka." Nitoetra am-panajana teo amin'ny Teny izy.

37 Ary kisarisary tsara tarehy iray toy ny inona eto, raha hanamarika ianareo. Ny Hebreo tsirairay izay nandalo, niaraka tamin'ny lamosiny voakapoka ho voapotsipotsitra, avy tamin'ireo mpitarika andevo. Ary rehefa nijery teo amin'ireo taolan'io mpaminany io izy, Josefa, dia fantany fa hivoaka izy ireo indray andro any. Satria, ireo taolana ireo dia navela teo mba ho tsangambato iray, hoe hivoaka izy ireo indray andro any.

38 Teo amin'ny dimy ambin'ny folo na valo ambin'ny folo taona lasa teo izay rehefa i Billy Paul, ilay zazalahy kely teo amin'ny dimy taona teo, saiky tahaka an'izany... Nanana voninkazo kely iray izahay izay nentinay teo amin'ny fasan'ny mamany, tamin'ny maraina iray mangiran-dratsy, tamin'ny Paska, vao niseho mihitsy ny masoandro, nipoitra; na talohan'ny misandratr'andro mihitsy, izay ilay izy, avy eo dia nandeha nankany amin'ny fivoriana. Ary raha nandeha nankeo amin'ilay fasana izahay, dia nanala ny satrony ilay zazalahy kely raha nandroso nankeo amin'izay nandevenana ny anabaviny kely sy ny reniny izahay. Ary nanomboka niefonefona sy nitomany izy, ka hoy izy hoe, "Dada, ao anatin'io lavaka eo io ve i mama?"

39 Hoy aho hoe, "Tsia, anaka. Tsy ao anatin'io lavaka eo io izy. Any amin'ny an-tapitrisany tsaratsara kokoa noho izaho sy ianao no misy azy."

Hoy izy hoe, "Hahita an'i mama indray ve aho?"

40 Hoy aho hoe, "Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, raha irianao izany, dia afaka mahita azy indray ianao."

Hoy izy, "Hivoaka avy ao amin'ity fasana ity ve ny vatany?"

41 Hoy aho hoe, "Malala, akimpio ny masonao, fa hitantara aminao tantara kely iray aho. An-jato taonany lasa izay, amin'izao maraina izao, dia nisy fasana iray navela ho foana." Hoy aho hoe, "Tsangambato iray izany. 'Ho an'ireo izay matory ao amin'Andriamanitra izay ho entin'i Kristy miaraka Aminy rehefa tonga Izy.'" Tsy misy aloky ny fisalasalana iray, no itoerako am-panajana eo amin'ny teny fikasan'Andriamanitra Mandrakizay!

42 Tahaka an'i Joba fahiny, rehefa henontsika fa "ny lavenona ho amin'ny lavenona, ary ny vovoka ho amin'ny vovoka," dia mampahatsiahy ahy an'i Longfellow izany, izay nanao hoe:

> Aza miteny amiko, amin'ny fiteny malahelo,
> Hoe nofy foana iray fotsiny ny fiainana!
> Ka ny fanahy izay matory dia maty,
> Ary tsy toy ny maha-izy azy ireo zavatra.

Hoy izy hoe:

> Hia, tena misy ny fiainana! Matotra ny fiainana!
> Ary tsy ny fasana no tanjony;
> Fa vovoka ianao, ka hiverina ho vovoka,
> Dia tsy miresaka ny amin'ny fanahy.

43 Izy ireo dia miantso an'izany hoe teofania iray, hoe rehefa miala eto isika dia miditra ao any an-kafa any ho any. Na mety ho inona izany, dia mandray ny Tenin'ilay apostoly aho, rehefa hoy izy hoe, "Raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity na ity toeram-ponenana ity, dia manana anankiray isika efa miandry, mba hiala amin'*ity* ho ao amin'Io."

44 Abrahama, Isaka, Jakoba, Joba, ireo mpaminany rehetra, natoky sy nino izy ireo fa hisy fitsanganana iray ho avy, hoe ho avy ilay Mpanavotra. Naminany ny Aminy izy ireo. Naminany ny Aminy i Enoka; nitoetra am-panajana, nanisy tombokase ny fanambarany niaraka tamin'izany. Isaka, Jakoba, Daniela, Jeremia, Ezekiela, nitoetra am-panajana teo amin'ny fotoana izay hihavian'ny Mesia izy ireo.

45 Ary maty izy ireo ka ny fanahiny nankao Paradisa. Tsy afaka niditra teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ireo, satria (nanana an'izany isika omaly hariva) dia ny ràn'ombilahy sy osilahy dia tsy afaka namela ny fahotana; nanarona ny fahotana fotsiny ihany izany, niresaka ny amin'ny andro iray hahatongavan'ilay Fanatitra tanteraka; satria ny rà ao anatin'ny biby dia tsy afaka hiverina ao amin'ilay mpivavaka, satria amin'izay fotoana izay dia tsy ho nitsahatra nanatitra fanatitra izy ao amin'io karazany io.

46 Fa rehefa maty ny Zanak'Andriamanitra, ilay Aina tao Aminy dia tsy hafa fa Andriamanitra, mba hiverina sy hanangana antsika ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra. Ary ankehitriny dia zanak'Andriamanitra isika, ilay Aina avy tao amin'Ny Ràny.

47 Mariho haingana ankehitriny, raha manaraka isika. Rehefa tany aoriana tany tao amin'ny Testamenta Taloha, ka ireo izay nino sy nanompo, ary maty tao amin'ny Finoana, niandry an'io fotoana io. Ny antony nanaovan'ireo mpaminany ireo an'izany, sy naniry ny halevina ao Palestina, dia fantatr'izy ireo fa tsy ho any Egypta no hisian'ny fitsanganana. Ho any Palestina, irery ihany izany.

48 Izany no antony ilazako izao hariva izao hoe: Manana an'ireo karazana anarana rehetra aho; tsy ahoako izay iantsoan'ny olona ahy, tsy midika na inona na inona ho ahy izany. Ny zavatra tokana izay tiako atao, dia ny mahafantatra an'izao: hoe efa maty aho, ka ny fiainako dia miafina ao amin'i Kristy, ao amin'Andriamanitra, ary voaisin'ny Fanahy Masina tombokase; ka rehefa miantso avy eo anivon'ny maty Izy, dia hamaly aho amin'io andro io. Aleveno ao amin'i Kristy aho, satria ireo izay ao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy amin'io andro io.

49 Ahoana no idirantsika ao amin'i Kristy? Korintiana Voalohany 12:13, "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray, ary lasa vahoaka teratanin'ny Fanjakan'Andriamanitra isika." Milaza ho mpivahiny sy vahiny isika eto amin'ity tany ity, tsy mitady an'ireo zavatr'izao tontolo izao, intsony, fa miandry ny fihavian'ilay Mpanjaka isaorana hifehy an'ilay tany, avy amin'ny ranomasina hatrany amin'ny ranomasina tsy misy fetra, rehefa tonga amin'ny Voninahiny Izy. Izany tokoa, miandry Ny Fihaviany isika.

50 Ary tsy misy fisalasalana ao an-tsaiko arak'izany, fa izay nananan'i Jesosy tao amin'ny Fisainany rehefa teto an-tany teto Izy, dia io tsy maha-mety diso ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay io. Satria, fantatsika fa ao Aminy no nonina ny fahafenoan'ny Vatana maha-Andriamanitra. Ny maha-Andriamanitra manontolo dia tao Aminy. Izy dia sady Ray, no Zanaka, ary Fanahy Masina, saingy nonina tao amin'ny endrik'olombelona iray; ilay teofanian'Andriamanitra, ilay endrika lehibe an'Andriamanitra izay Nanaovany ny olona, avy eo dia nametraka azy teto an-tany. Nanana vatana iray Izy. Tsy hoe tsy nanana vatana iray Andriamanitra. Nanana vatana iray Andriamanitra, ary tahaka ny olona iray izany. Nahita azy i Mosesy, nahita azy ireo sasany, ary tahaka ny olona iray izany.

51 Ary marika iray fotsiny ity, izany *ity*, an'izay maha-izy an'Izany. Ary ny zavatra rehetra eto an-tany, ny hatsarana, ny hamamiana, ny hatsaran'ny tany, dia tsy inona mihitsy fa valiny iray an'ny iray tsara lavitra kokoa noho io, izay miandry antsika rehefa mandao an'ity izao tontolo izao ity isika. Satria, ny zavatra rehetra eto an-tany dia modely iray an'izany fotsiny any An-danitra. Ny zavatra rehetra izay tsara, ny zavatra rehetra izay marina, ny zavatra rehetra izay tsara tarehy, hazo, vorona, ny zavatra rehetra, dia modely iray fotsiny an'izay any An-danitra.

52 Ny fiainantsika manokana dia modely iray fotsiny. Aloka iray fotsiny izany, fa tsy ilay tena zavatra. Ilay lafiny negatifa izany. Mila ny fahafatesana hanasa an'ilay sary, mba hamerina antsika indray ao amin'ilay teofania izay nihaviantsika. Amin'izay fotoana izay amin'ny fitsanganana dia

ho tonga amin'ny fitoviana Aminy isika, vatana natsangana iray. Tsara tarehy iray toy ny inona; tsy hoe tsara tarehy fotsiny ihany, fa izany dia ilay tena, Fahamarinana mihaja an'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay, hoe hitovy Aminy isika.

53 Mariho ankehitriny, Jesosy, dia nisalotra an'ireo fahefan'Andriamanitra rehetra, saingy, rehefa nihaona tamin'i Satana Izy, dia tsy nampiasa ny iray tamin'ireo Fahefany mihitsy Izy. Nitodika tamin'ny Teny fotsiny Izy! Nitodika Izy. Hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe, 'Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra.'"

54 Noho izany dia ahoana no ahafahanareo milaza fa afaka mijanona any an-trano ianareo ka ho Kristiana tsara iray mihitsy tahaka anareo any am-piangonana? Tsy afaka manao an'izany ianareo. Vakio ny Teny! Mivelona amin'ny Teny ny Fanahy Masina. Ny Baiboly no sakafo ara-panahy an'Andriamanitra ho an'Ny Fiangonany. Ary ny Fanahy Masina no Anankiray Izay mitondra an'Izany ho anareo ary mametraka an'Izany ao am-po, ary miaraka amin'ny fanoloram-pisaorana no anondrahanareo an'Izany. Ary ny teny fikasana Masina rehetra dia hamokatra marina tokoa an'izay nolazain'Andriamanitra fa ho vokariny. Tsy maintsy. Izany No Teniny, ary Aina Izany.

55 Ankehitriny, dia adinoko fa natao hanana antsasak'adiny fotsiny aho. Mihazona ela be ilay izy mba hahatongavana eo amin'izay tiako ho lazaina.

56 Fa mariho Jesosy ao amin'ilay ora farany, na roa, an'ny Fiainany, faminaniana maro, maro no efa tanteraka.

57 Nisy olona iray nanao tamiko hoe, "Rahalahy Branham, *ity* no tsy maintsy hitranga, ary *itsy* no tsy maintsy hitranga."

Hoy aho hoe, "Mety hitranga ao anatin'ny adiny iray izany."

58 Raha hamaky ny Salamo faha-22 ianareo, ary avy eo dia mandinika ny oran'ny Fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana, adinoko fotsiny ankehitriny hoe faminaniana malaza firy no efa tanteraka tao amin'ireo ora roa na telo farany an'ny Fiainany! Izany tokoa, "Notsindronin'izy ireo ny Tongotro sy ny Tànako. Andriamanitro, Andriamanitro, nahoana no mahafoy Ahy Ianao?" sy ny sisa, araka ny niantsoantsoan'i Davida an'izany.

59 Ary avy eo ny zavatra hafa iray izay tiako ho marihinareo, ny Fahamarinana, ilay ampahany tsy mety diso an'ny Tenin'Andriamanitra. Hoy ny Baiboly hoe, "Mitahiry ny Taolany rehetra Izy, tsy nisy tapaka ny iray tamin'izy ireo." Satria ao amin'ilay tandindona, dia ilay zanak'ondrin'ny paska no tandindona iray an'izany. Tsy maintsy ho tsy misy tsiny ilay zanak'ondry, tsy maintsy taolana tsy tapaka no ao amin'ilay zanak'ondry. Ary tamin'ilay ora rehefa Izy no. . .Maty Izy, nanatona izy ireo mba hanapaka ny Ranjony tamin'ny maritoa

iray. Ary nialoha mihitsy . . . Jereo io fotoana tena sarotra io! Ilay lehilahy niaraka tamin'ny maritoa, vonona ny hamely ny Ranjony, saingy hoy ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Tsy hisy taolana iray ho tapaka ao amin'ny Vatany."

"Ahoana no hitrangan'izany?" Handeha haingana isika.

60 Mandrakizay ny Tenin'Andriamanitra! Raha tanteraka tahaka an'izany ny Tenin'Andriamanitra, dia azo antoka mihitsy fa hitsangana tahaka ny fisian'ny fitsanganana iray no itsanganan'ireo izay ao amin'i Kristy. Andriamanitra dia voatery mihitsy amin'Ny Teniny, mba hanasitrana anareo, tahaka Azy voatery mba hamonjy anareo. Satria, Izy, Ny Teniny no nampanantena an'izany. Izany no Tenin'Andriamanitra, ary tsy manana zò hanaisotra avy ao amin'Izany isika. Fa manaova fotsiny hoe, "Izany no Fahamarinana." Inoy Izany! Tsy mampaninona izay mitranga, inoy Izany, na ahoana na ahoana. Tahaka an'izany no tsy maintsy ninoan'ny sisa tamin'izy ireo an'Izany, ary tsy afaka amin'izany isika. Andriamanitra no nanome an'i Palestina ho an'ny Isiraely, saingy tsy maintsy niady ho an'ny inch tsirairay tamin'ilay tany izay azony izy ireo. Anareo ny teny fikasana, saingy tsy maintsy miady ho an'ny inch tsirairay izay takianareo ianareo; hijery an'izany ny devoly, izany tokoa hijery izy.

61 Fa mariho rehefa vonona ny hanapaka an'ireo ranjon'i Jesosy Tompontsika izy ireo, raha ho namely an'ilay ranjo io maritoa io ka nanapaka azy, dia ho hita ho sandoka Andriamanitra. Fa tsy nisy devoly ampy tao amin'ny fampijaliana maizina hamela an'io maritoa io hamely an'io vatana sarobidy io. Satria Davida, valonjato taona talohan'izany, dia nanao hoe, "Tsy hisy taolana iray ho tapaka ao amin'ny Vatany." Tsy maintsy mitsangana ho ny Fahamarinana ny Tenin'Andriamanitra.

62 Fa inona no nataon'izy ireo tamin'izany? Naka lefona iray izy ireo ary namatratra an'izany tao amin'ny Lanivohony, ka nivoaka ny Rà sy ny rano, mba hahatanteraka an'izay nolazain'ny Baiboly hoe, "Notsindronin'izy ireo ny Tànako sy ny Lanivohoko." Tanteraka ilay Teny.

63 Ankehitriny rehefa teo am-pahafatesana Izy, oh, ora mahatahotra iray toy ny inona! Mieritreritra an'io hira io aho, ary, am-pahitsim-po, dia manao ahy hahatsapa ho ratsy fotsiny izany, rehefa mieritreritra an'io hira io aho izay nosoratan'ilay poety taona maro lasa izay.

> Teo afovoan'ireo vatolampy nitresaka sy ireo lanitra niha-maizina,
> No nanondrika ny Lohany ny Mpamonjiko ary maty;
> Ny fanokafana ny voaly no nanambara ny làlana
> Mankany amin'ny fifalian'ny Lanitra sy andro tsy manam-pahataperana.

64 Ary rehefa nihantona teo Izy, nivoa-drà sy teo ampahafatesana, rehefa nanondrika ny Lohany Izy, dia tena menatra ny tenany ny masoandro, mijery eo amin'ireo zava-boahary mety maty izay nataon'Andriamanitra araka ny Endriny, izay tsy maintsy naloa tamin'izany vidiny izany mba hanavotra azy, nandà tsy hijery ny tany ny masoandro tamin'io ora io. Tena saikatra ny volana hany ka niala teo amin'ny toerany izy. Ary nanatodika ny lamosiny tamin'ny tany ireo kintana. Tsy maintsy ho zavatra mahatsiravina toy ny inona ny fahotana, toy ny ahoana no nikarakaran'Andriamanitra an'izany!

65 Ary ny mahita an'ireo mpisorona maneso ireo, niaraka tamin'ny rora nihantona teo amin'ny Tavany. Nikapoka Azy teo amin'ny loha ny lehilahy iray, niaraka tamin'ny zozoro iray, ka nanao hoe, "Raha Mpaminany Ianao, dia teneno aminay hoe iza no nikapoka Anao." Ny iray tamin'izy ireo nisintona ny volombava avy eo amin'ny Tavany, ary namelaka Azy teo amin'ny tava, ka nila Azy hiaro ny Tenany.

66 Hoy Izy hoe, "Raha avy amin'ity izao tontolo izao ity Ny Fanjakako, dia ho niantso Ny Raiko avy hatrany Aho, dia haniraka Anjely legiona roa ambin'ny folo ho Ahy Izy."

67 Afaka niova izany, saingy ahoana no Ahafahany hanao an'izany? Tsy afaka manao an'izany fotsiny Izy, satria ny Zanany manokana no nitaky Ny Ràny. Azonareo eritreretina ve ny dada iray, ray iray, miaraka amin'ireo zanany manokana (ao anatin'ny aizina) mitaky ny ràn'ny rainy manokana? Izany no antony tsy Nahafahany nanao na inona na inona afa-tsy ny ho faty. Raha tsy nanao Izy, dia fahafatesana ho an'ireo Zanany izany, fahafatesana ho an'ireo zava-boahary izany. Fa tsy maintsy maty Izy, mba hamonjy ny Olony.

68 Ary rehefa maty Izy, rehefa nanondrika ny Lohany Izy, dia tratry ny fangovitana iray nandeha nanerana ny lamosiny ity tany tranainy ity. Tsy maintsy ho tratry ny fikorontanana mahatsiravina iray izy, satria ny Baiboly no nilaza fa "ny tany manontolo, nanomboka tamin'ny ora fahenina ka hatramin'ny ora fahasivy, dia aizina, no nanerana ny tavan'ny tany manontolo." Ary nihozongozona ny tany, ary nitresaka ireo vatolampy. Ary ny lamban'efitry ny tempoly dia rovitra avy any an-tampony ka hatrany ambany; nirodana ireo vato fanaovana fanatitra. Maty ilay Zanak'Andriamanitra velona. Tena maty Izy hany ka nanaiky an'izany ny masoandro. Tena maty Izy hany ka nanaiky an'izany ny volana. Tena maty Izy hany ka nanaiky an'izany ireo kintana. Tena maty Izy hany ka nanaiky an'izany ny tany. Tena maty Izy hany ka nanaiky an'izany ireo singa, nanaiky an'izany ireo rivotra. Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy nahafantatra fa io no Zanak'Andriamanitra! Satria, tsy mety diso ny Tenin'Andriamanitra, Izy no nampanantena, hatrany amin'ny sahan'i Edena hoe, "Ilay Taranaka no hanorotoro ny lohan'ny menarana."

69 Ankehitriny dia inona no nitranga Taminy? Lasa taiza Izy rehefa niala teo amin'ny hazo fijaliana Izy ka nankao amin'ny fasan'i Josefa avy any Arimatia?

70 Tena nahantra Izy ka tsy nanana toerana iray hametrahana ny Lohany Izy. Teraka tao anatin'ny fihinanam-bilona iray Izy, niaraka tamin'ny anarana mainty iray Taoriany, hoe "zazasary." Nihomehezana Izy, nesoina, novingavingaina, teto an-tany. Nesoina Izy, ary nolavina. Ary rehefa maty Izy, dia tsy maintsy maty tamin'ny alàlan'ny fanasaziana mafy Izy, teo anelanelan'ny mpangalatra roa. Ary tsy nanana toerana iray akory handevenana Azy aza, fa nalevina tao amin'ny fasan'ny lehilahy hafa Izy. Ilay tena Andriamanitry ny Lanitra mihitsy izay tonga teto an-tany! Mihevitra antsika ho iza isika, izay tsy maintsy mandalo fiaretana kely bitika? Izay Nataony ho antsika! Eritrereto izany, ry sakaiza, ianaro izany.

71 Hoy ilay miaramila Romana hoe, "Marina tokoa, fa Zanak'Andriamanitra ity." Tsy maintsy nanaiky an'izany ilay mpanota. Hoy i Jodasy hoe, "Namadika Rà tsy manan-tsiny aho." Tsy maintsy nanaiky an'izany izy. Nanaiky an'izany ny tany manontolo.

72 Avy eo dia nankaiza Izy? Rehefa maty ny olona iray, dia izany ve no mamarana azy? Tsia, tompoko. Tsy maintsy maty tahaka an'izany Izy satria ny Baibolin'Andriamanitra no nilaza fa ho tahaka an'izany no Hahafatesany. Ary natoky ny Tenin'Andriamanitra Izy. Izany no antony Nahafahany nilaza, tao amin'ny Fiainany hoe, "Ravao ity tempoly ity, fa Izaho no hanangana azy afaka telo andro."

73 Satria nilaza i Davida any amin'ny toerana iray, ao amin'ny Baiboly ihany, teo ambanin'ny tsindrimandry, rehefa Davida, ilay lehilahin'Andriamanitra, ilay mpaminany izay voahosotry ny Teny, no nanao hoe, "Tsy hahafoy Ny Iray Masiko hahita ny lò Aho, ary tsy Havelako any amin'ny helo ny Fanahiny."

74 Hoy Jesosy hoe, "Ravao ity vatana ity, fa Izaho no hanangana azy afaka telo andro." Fantany fa tsy mety ho diso ny Tenin'Andriamanitra. Oh, oadray!

75 Raha afaka nijanona am-panajana teo amin'izany Izy, nino fa tsy mety ho diso ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy mihoatra noho izany ve no ahafahantsika mijanona am-panajana hoe efa nateraky ny Fanahy Masina indray isika, ary Izany dia vavolombelona iray ao am-pontsika izao ankehitriny izao hoe fantatsika fa velona ny Mpanavotra antsika ary indray andro any dia hiverina indray. Mijanòna manana antoka hoe ireo izay ao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy! Mariho ankehitriny.

76 Teo Izy. Fantany fa tsy hisy sela iray an'io vatana io ho lò. Roa amby fitopolo ora, dia mipetraka ny fahalòvana. Izany no antony tsy Nijanonany mihitsy nandritry ny telo andro. Maty Izy

ny Zoma tolakandro, nitsangana ny Alahady maraina. Fa, ilay izy dia teo anelanelan'ireo telo andro ireo. Teo anelanelan'ireo telo andro ireo dia nitsangana indray Izy, satria natoky ny Tenin'Andriamanitra Izy.

77 Indro Izy lasa! Nandeha taiza Izy rehefa lasa Izy? Hoy ny Baiboly hoe, "Niakatra Izy. Nandeha Izy ary nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina, izay tsy nibebaka nandritry ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa." Ny Ainy, Ny Fanahiny, ny Teofanian'ny Vatany Manokana, dia nidina. Ndao isika hanaraka Azy. Ho tianareo ve, izao hariva izao, ny hanaraka Azy mandritry ny minitra vitsy? Ndao jerentsika izay Nandehanany.

78 Eo ambanin'ny faritr'ireo vatana mety maty ireo mihitsy no misy an'ilay faritry ny herin-demony; eo ambanin'io . . . eo ambony mihitsy no misy an'ireo fanahin'ny tsi-marina; eo ambany no misy an'ilay tena toeran'i Satana, ny helo. Avy eo dia eo ambonintsika mihitsy no misy ny Fanahy Masina; avy eo dia eo ambanin'ny Alitara no misy an'ireo fanahin'ireo olo-marina; avy eo ny manaraka dia Andriamanitra Izy tenany. Ny anankiray mandeha midina, ny anankiray mandeha miakatra; ireo fanahy roa dia eto an-tany eto, mitaona ny olona avy eto amin'ity tany ity.

79 Ary rehefa maty Jesosy, dia lasa Izy, nidina tany. Toa hitako Izy tamin'io Zoma tolakandro io, taorian'ny Fahafatesany, [Mandondòna Rahalahy Branham—Mpand.] mandondòna eo amin'ny varavaran'ireo faritry ny very. Ndao isika hanaraka Azy iray minitra. Misokatra ny varavarana. Nisy vehivavy tao, nisy lehilahy tao, nisy ramatoa tanora tao, nisy antitra tao, izy rehetra dia niaraka tao anatin'io toerana mahatsiravina nantsoina hoe tranomaizin'ny fanahy very io.

80 Raha nanam-potoana aho, dia tiako ny hiteny aminareo. Ary mety ho fahitana iray fotsiny angamba ilay izy. Fa nitsidika an'io toerana io aho indray mandeha, ary niantsoantso famindrampo, fony aho mpanota iray nandeha teo ambanin'ny fandidiana iray. Rehefa nivoaka aho, dia nitsangana tany Andrefana, niaraka tamin'ny tànako nitsangana nankany An-danitra, ka hazo fijaliana iray no namiratra teo amiko.

81 Fa tao amin'io toerana mampalahelo tany io, dia nanatona hatreo amin'ny varavarana Jesosy. Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy nijoro vavolombelona fa Izy no Zanak'Andriamanitra, satria izy ireo dia efa nitoriana nandritry ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa. Mandondòna eo amin'ny varavarana, hoy Izy hoe, "Izaho no Izy Izay noresahan'i Enoka. Izaho no ilay Taranaky ny vehivavy, izay tsy maintsy nanorotoro ny lohan'ny menarana. Tanteraka ny Tenin'Andriamanitra rehetra; vao avy maty tany Kalvary tany Aho, ary nividy Ny Fiangonako Aho. Ary ilay Anankiray izay noresahan'i Enoka, dia Izaho no Izy." Ary

tsy nanana famindrampo izy ireo, tsy nanana fanantenana, satria nanota izy ireo. Ary nikatona teo anatrehan'izy ireo ny varavarana.

82 Nanohy nidina tao amin'ireo faritry ny demony! Nanohy nidina nankao amin'ireo tena vavahadin'ny helo! Mandondòna eo amin'ny varavarana Izy. [Mandondòna Rahalahy Branham—Mpand.]

83 Io dia fony Izy tao am-pasana, ny Vatany dia, niandry ny fitsanganana. Nitsidika an'ireo toerana izay andehanan'ny marina sy ny tsi-marina Izy; any amin'izay handehananareo indray andro any, any amin'ilay anankiray na ireo toerana hafa.

84 Dia mandondòna Izy [Mandondòna Rahalahy Branham—Mpand.] eo amin'ny varavaran'ny helo. Ary, rehefa nandondòna Izy, dia nivoaka ny devoly. Ary toa reko fotsiny izy manao hoe, "Oh, tonga ihany Ianao tamin'ny farany. Azoko antoka fa nihevitra aho hoe nahazo Anao rehefa namono an'i Abela aho."

85 Hitanareo, rehefa nampanantenaina io Taranaka io tao amin'ny sahan'i Edena, dia niezaka tsy ankitsahatra hamotika an'io Taranaka io ny devoly. Ary ny fahafatesan'i Abela, sy ny fihavian'i Seta, dia fahafatesana iray fotsiny, fandevenana, ary fitsanganan'i Kristy. Tsy maintsy mitohy io Taranaka io. Ary niezaka ny hamotika an'Izany izy.

86 Hoy izy hoe, "Nihevitra aho fa nahazo Anao rehefa namotika an'i Abela aho. Nihevitra aho fa nahazo Anao rehefa namotika an'ireo mpaminany aho. Pozitifa aho fa nahazo Anao rehefa nanapaka ny lohan'i Jaona aho. Saingy ankehitriny, taorian'izany rehetra izany, dia tonga Ianao. Azoko Ianao ankehitriny." Oh, oadray!

87 Toa reko Izy manao hoe, "Satana, avia eto!" Izy no Sefo ankehitriny. Maninji-tànana, mandramby an'io fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo io avy teo amin'ny valahany, nanantona an'izany teo amin'ny Valahany Manokana. "Tiako ho fantatrao mazava. Efa ela no naha-mpihambo anao. Izaho no Zanak'Andriamanitra velona nateraky ny virijiny. Mbola mando eo amin'ny hazo fijaliana Ny Ràko, ary voaloa ny trosa manontolo! Tsy manana zò intsony ianao. Voaendaka ianao. Omeo ahy ireo fanalahidy ireo!" Marina izany. Mitodika ary manome azy daka tsara iray, ka manakaratoka ny varavarana miaraka, ary manao hoe, "Mijanòna ao! Izaho no Sefo manomboka izao."

88 Ankehitriny, tsy nanana an'ireo fanalahidin'ny Fanjakana Izy, satria Nomeny an'i Petera izy ireo; ho hitantsika izany rehetra izany amin'ny maraina, amin'ny batisan'ny rano. Fa nanana an'ireo fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo izy, ary Izy no naka azy ireo; taorian'ny Fitsanganany, dia hoy Izy hoe, "Izaho no manana an'ireo fanalahidin'ny fahafatesana sy

ny helo." Petera no nanana an'ireo fanalahidin'ny Fanjakana. Satana no nanana an'ireo fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo; fa ankehitriny dia Jesosy no manana azy ireo, Izy no Sefo.

89 Indro Izy manomboka miakatra. Efa ho Paska tamin'izany; mandeha haingana ny fotoana. Fa misy vondrona iray hafa eo. Aiza i Joba? Aiza i Abrahama? Aiza izy ireo? Aiza ireo olona izay natoky ny Tenin'Andriamanitra? Adinony ve izy ireo? Nandringana azy ireo ve ny fahafatesana? Izay ihany ve ny amin'io? Tsia mihitsy, tsia mihitsy; tsy maintsy mihazona Ny Teniny Andriamanitra.

90 Toa hitako Izy. Ndao isika hanao topi-maso kely ao amin'ny Paradisa, ka hijery ny ao. Ary mahita an'i Saraha sy Abrahama mitsangatsangana eo aho, ary afaka kelikely [Mandondòna Rahalahy Branham—Mpand.] misy zavatra iray eo amin'ny varavarana. Mandeha i Abrahama ary manokatra an'ilay varavarana, nanao hoe, "Malala, avia eto. Jereo eto! Jereo eto, io ilay tena Anankiray ihany mihitsy izay nitsangana niaraka tamiko teo ambanin'ilay ôka tamin'io andro io." Izy no Andriamanitr'i Abrahama.

91 Tamin'io fotoana io mihitsy dia toa hitako i Daniela mijery eo ambonin'ny sorony, ka manao hoe, "Io ilay Vatolampy izay niendaka avy teo amin'ilay tendrombohitra, azo antoka mihitsy tahaka ny itsanganako eto."

92 Hitako i Joba mitsangana, nanao hoe, "Io ilay Mpanavotra ahy izay nolazaiko hoe fantatro fa velona, ary indray andro any dia hitsangana eto an-tany Izy. Mety tsy hisy afa-tsy lavenona iray sotro kely sisa ny vatako, saingy dimy ambin'ny folo minitra manomboka izao dia ho ao anatin'izany indray aho. Izy io."

93 Nijery teo amin'ny tampony i Ezekiela, ka nanao hoe, "Nahita an'io Olona iray ihany io aho toy ny Kodia iray teo afovoan'ny Kodia, nihodina, niakatra nankany afovoan'ny habakabaka." Oh, oadray!

94 Avy eo dia nanatona i Enoka. Hoy Enoka hoe, "Nahita Azy tonga niaraka tamin'ireo Masiny alinalina aho, mba hanatanteraka ny fitsarana."

95 Teo ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha niandry, nanana antoka izy ireo, teo ambanin'ny fanaovam-panavotan'ny rà. Tsy afaka niditra teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ireo, Andriamanitry ny Lanitra, satria tsy afaka nanaisotra ny fahotana ny ràn'osilahy sy ondry.

96 Fa hoy Izy hoe, "Ry rahalahiko, Izaho ilay Anankiray izay heverinareo ho Izaho. Izaho ilay Taranaky ny vehivavy. Izaho no Zanak'i Davida. Izaho no Zanak'Andriamanitra. Izaho ilay Anankiray nateraky ny virijiny. Ny Ràko no nanao fanavotana an'izany. Niandry teo ambanin'ny ràn'ondry sy osilahy ianareo, fa ankehitriny dia Ny Ràko no manao fanavotana, ary afaka ianareo. Ndao isika hiakatra, efa saiky Paska izao." Eritrereto

fotsiny, teo amin'ny sivinjato sy arivo taona mahery lasa izany, amin'izao hariva izao.

97 Toa reko i Abrahama manao hoe, "Tompo, rehefa hiditra ao amin'ny vatanay indray izahay; ary izaho sy Saraha dia tena tia an'izany tsara; tsy mampaninona Anao ve raha manao fiatoana kely izahay, karazany, eny amin'ny Làlanao?"

98 Eny, toa reko Izy manao hoe, "Nahoana, tsia, tsia tokoa. Hijanona miaraka amin'ireo Mpianatro mandritry ny efapolo andro eo Aho. Mijere manodidina dia jereo hoe toy ny ahoana ny zavatra rehetra!"

99 Tamin'io marainan'ny Paska be voninahitra io (izay ho raisintsika amin'ny maraina, raha sitraky ny Tompo) rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy, dia nilaza ny Baiboly, araka ny Masindahy Matio 27, hoe "Maro tamin'ireo olo-masina izay natory tao amin'ny vovoky ny tany, no nitsangana ary nivoaka avy tao am-pasana." Iza izany? Abrahama, Isaka, Jakoba, Joba, ireo izay nahafantatra tamin'ny alàlan'ny fanambarana voambara ara-panahy fa hitsangana eto an-tany ilay Mpanavotra indray andro any. Izy ireo izany, ireo voalohambokatra avy amin'ireo izay natory. Indro izy ireo niditra tao amin'ny tanàna. Toa hitako i Saraha sy Abrahama, tanora, ary feno ny . . . sy tsara tarehy, ary—ary feno fiainana, tsy ho antitra intsony mihitsy, tsy harary intsony mihitsy, tsy ho noana intsony mihitsy, mandehandeha ao amin'ny vatan'izy ireo.

100 Nitsangana teo i Kaiafa, nanao hoe, "Mba fantatrao moa? Nisy zavatra nitranga indray andro, jereo fotsiny io loto izay misy an'io tempoly io! Misy ny . . . Handeha haka olona iray isika hanjaitra an'io lamban'efitra io. Jereo ireto, niongana ny boatin-drakitra. Inona no nitranga? Mpandinika kintana iray ve iny Zalahy iny? Mpamosavilahy iray ve Izy? Sa, inona no nitranga? Hono ho'aho! Avia eto, ry Josephus, iza io mpivady tanora mitsangana eo io?"

Hoy i Abrahama hoe, "Saraha, fantatra isika. Tsaratsara kokoa amintsika ny mivoaka."

101 "Niseho tamin'ny maro!" Tsy izay ihany ny amin'io. Eo am-pamaranana, dia diniho. Indray andro Izy rehefa avy . . . nanao fitsidihana izy ireo; Abrahama, Isaka, Jakoba, ary izy rehetra ireo dia nitsidika an'ilay tanindrazana. Rehefa niakatra Jesosy . . .

102 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, angano ve izany?" Tsia, tompoko! Hasehoko anareo ao amin'ny Soratra, afaka iray minitra.

103 Rehefa nanomboka niakatra Izy, dia Izy irery ihany no hitan'izy ireo, fa ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha dia nandeha niaraka Taminy, satria ny Baiboly no nilaza fa "Nitondra babo Izy, ary nanolotra fanomezana ho an'ny olona."

Ary toa hitako Izy raha miakatra Izy, ka mikambana amin'ny Fiangonany.

104 Anjely roa avy tao amin'ilay tarika izay nitendry zava-maneno, no niverina teo, ka nanao hoe, "Ianareo lehilahy avy eto Galilia, nahoana ianareo no mitsangana miandrandra? Fa iny Jesosy iray iny ihany, izay nakarina, dia hiverina indray." Izany tokoa! Niverina haingana izy ireo hikambana amin'ilay laharana.

105 Ary nandeha nitety nanerana ny lanitra Jesosy sy ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha. Nihoatra ny volana izy ireo, nihoatra ny masoandro izy ireo, nihoatra ny kintana izy ireo. Ary rehefa teo am-pahitana an'ireo Lanitra lehibe, fotsy tsara tarehy io izy ireo, dia niantsoantso ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha, nanonona ny Soratra hoe, "Misandràta, ianareo vavahady mandrakizay, ary aoka hisandratra ianareo! Misandràta, ianareo vavahady mandrakizay, ary aoka hisandratra ianareo! Ary aoka hiditra ny Mpanjakan'ny Voninahitra!"

106 Dia niangona teo an-tampon'ireo arofanin'ny Lanitra ireo Anjely rehetra, ka nanao hoe, "Iza moa izao Mpanjakan'ny Voninahitra izao?"

107 Hoy ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha hoe, "Ny Tompon'ny maro, mahery amin'ny ady! Izy no Mpandresy!"

108 Nanindry an'ilay bokotra goavana ilay Anjely, ka nisokatra ireo vavahady perla.

109 Niditra tao amin'ny Tanànan'i Jerosalema mihitsy ilay Mpandresy lehibe, mahery, nitondra an'ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha. Nitendry ireo tariky ny Anjely, raha nihira ireo Anjely. Izy no Mpandresy mahery! Izy no nanana an'ireo fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo nihantona teo amin'ny Valahany, nitety avy hatrany an'ireo lapan'ny Voninahitra mandra-Pahatongany teo amin'ny Seza fiandrianana. Ary hoy Izy hoe, "Ray, indro izy ireo. Nino izy ireo, tamin'ny finoana Ny Teninao, hoe ho avy Aho indray andro any. Nandresy ny fahafatesana sy ny helo Aho." Inona izany, rahalahy? Nanana an'ireo holatra teo amin'ny Tànany Izy, mba haneho fa efa tao amin'ny ady Izy. Voninahitra ho an'Andriamanitra any amin'ny Avo indrindra! Izy io Mpandresy mahery io! "Indro izy ireo, Ray; Abrahama, Isaka, ary Jakoba."

110 Toa reko Izy manao hoe, "Anaka, miakara eto Akaikiko, ka mipetraha mandra-Panaoko ny fahavalo rehetra ho Fitoera-tongotrao." Rahalahy, hiverina indray Izy indray andro any, ka ho andro iray toy ny inona izany!

111 Tsy hoe tsy nanana asa Izy rehefa tao am-pasana Izy. Mihevitra isika fa nandry tao fotsiny Izy, maty. Fa mbola nandresy foana Izy tao ambany tao, nidina Izy ary nanongotra an'ireo fanalahidy avy teo amin'i Satana, manana an'ireo

fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo Izy, izao hariva izao. Hoy Izy hoe, "Satria velona Aho, dia ianareo afaka ny ho velona, ihany koa."

112 Manontany aho izao hariva izao, ry rahalahy malalako, ranabavy, efa mba nieritreritra an'izany tamim-pahatsorampo ve ianareo? Fantatrareo ve fa velona fotsiny ihany ianareo satria velona Izy? Nankasitraka betsaka an'izany ve ianareo mba hanoloranareo ny tenanareo, ka hanao hoe, "Andriamanitra, inty aho, mpanota iray, mamindrà fo amiko"? Efa mba nanaiky an'io Fanatitra ampy tanteraka io ve ianareo? Efa mba niteny Taminy ve ianareo fa tianareo Izy? Mandratra ny fihetsehamponareo ve izany rehefa manao ratsy ianareo? Raha tsy mbola tonga teo amin'izany fahatsapana izany mihitsy ianareo ankehitriny, ao amin'io fandevenana io! Nefa, miha-lasa ny fotoantsika. Mahatsapa ho tsara fotsiny! Saingy, manontany aho, raha tsy mbola nandray an'i Kristy ho Mpamonjinareo manokana mihitsy ianareo, manontany aho raha hanao an'izany ianareo raha mbola manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika ho an'ny tonom-bavaka iray.

113 Tendreo ilay, *Teo Afovoan'Ireo Vatolampy Nitresaka,* raha sitrakao, Ranabavy Gertie, raha manana an'izany ianao. Eny àry, ny zavatra rehetra dia hety.

114 Miaraka amin'ny lohanareo miondrika, dia hanontany anareo fanontaniana iray tena tso-po aho. Tsarovy ry sakaiza, mpanota na masina, tsy mitsahatra tsy hisy ianareo rehefa alevinay. Any ho any ny fanahinareo. Ankehitriny, dia nitsidika an'ireo toerana roa Jesosy, araka ny Soratra. Aiza no Hahitany anareo raha handeha ianareo izao hariva izao? Hanana an'ilay varavaran'ny famindrampo mikatona eo anoloanareo ve ianareo, satria nandà ianareo? Tsarovy, tsy hoe Mpamonjy iray fotsiny ihany Izy, fa Mpitsara iray Izy. Ianareo no mpitsara ankehitriny, ahoana no itsaranareo Azy? Avelao Izy no ho Mpamonjinareo ankehitriny.

115 Tonga ato an-tsaiko ny tantara kely iray. Indray andro lasa ny zazalahy kely iray dia nipetraka tao anatin'ny—ny vagao iray. Nisy poa-basy teny an-dàlambe, ary nitsoaka ireo soavaly ka lasa nankany amin'ny hantsana iray. Nihazakazaka ny cowboy tanora iray ary nanakana an'ireo soavaly talohan'ny nahatongavan'ilay vagao teo amin'ilay hantsana mihitsy, satria nisy zazakely iray tao anatiny. Namonjy ny ain'ilay kely izy.

116 Taona maro taorian'io, dia nitsangana tao amin'ny trano fitsarana izy. Nahavita heloka be vava io zazalahy iray ihany io, nandeha tamin'ny làlana izay ratsy, meloka. Nisotro izy, niloka, nitifitra olona iray; ary meloka, hita fa meloka. Dia nitsangana ilay mpitsara ka nanao hoe, "Manameloka anao amin'ny fanantonana amin'ny tendanao aho mandra-pialan'ny ainao mety maty."

117 Hoy ity lehilahy tanora ity hoe, "Ry mpitsara!" Ary nampiato ny fizotran'ny fitsarana izy, raha nitsambikina teo amin'ilay fefy ka nidaraboka teo an-tongotr'ilay mpitsara, ho an'ny famindrampo. Hoy izy hoe, "Ry mpitsara, jereo ny endriko! Tsy mahafantatra ahy ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Tsia, anaka, tsy mahafantatra aho."

118 Hoy izy hoe, "Tsaroanao ve ny ain'ny zazalahy kely iray izay novonjenao, taona maro lasa izay, tamin'ny fandosiran'ny soavaly?"

Hoy izy hoe, "Eny, tsaroako izany."

119 Hoy izy hoe, "Izaho io zazalahy io." Hoy izy hoe, "Ry mpitsara, namonjy ahy ianao tamin'izany. Vonjeo aho ankehitriny!"

120 Nandinika azy ilay mpitsara, ka nanao hoe, "Anaka, mpamonjinao aho tamin'io fotoana io. Androany aho dia mpitsaranao."

121 Androany Izy dia Mpamonjinareo. Ry mpanota, rahampitso Izy dia mety no Mpitsaranareo. Ndao isika hieritreritra an'izany ankehitriny, raha mitendry ny zava-maneno. Ary ny tsirairay mivavaha, ireo izay ao amin'ny faritry ny vavaka miaraka amin'Andriamanitra.

122 Manontany aho izao hariva izao ankehitriny, haingana mihitsy, ireo izay te-hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjy manokana, manaova hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko, mpanota iray. Te-hanatona amin'ny alàlan'ilay Rà nararaka aho. Leon'ny fikambanana amin'ny fiangonana sy ny fitetezana toerana aho. Te-ho nateraka indray aho. Mila fahatsapana iray ato am-poko aho mba ahafantarako fa nanambara ny Tenany tamiko Kristy, tamin'ny alàlan'ny fanambarana ara-panahy izay vao avy noresahanao, Rahalahy Branham. Mila ny fanambarana ara-panahy aho, ny Fanahy Masina ato am-poko, manao ahy ho velona, mitondra an'i Kristy ho tena misy kokoa amiko mihoatra noho ny fisiako amin'ny tenako. Maniry an'io fahatsapana io aho, Rahalahy Branham. Hivavaka ho ahy ve ianao raha manangana ny tànako aho?" Hanangana ny tànanareo ve ianareo ankehitriny, izay maniry ny ho tsarovana. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, ramatoa. Tsara izany. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Tsara izany. Atsangano ny tànanareo, manohiza manangana ny tànanareo.

123 Nahoana no ho menatra ianareo? Afaka mandà ny zavatra tahaka an'Izany ve ianareo, ry sakaiza? Tsarovy.

124 "Oh," hoy ianareo, "Rahalahy Branham, efa nitory teny nandritry ny taona maro ireo mpitory teny." Fantatro, saingy indray andro any dia hitsahatra tsy hitory teny izy ireo. Ary ny fijery an'ireo zavatra, dia mety ho izao ankehitriny izao ilay izy.

Handre ny toriteninareo farany ianareo. Am-pahatsorana, dia mety ho ity no anareo farany.

125 "Oh," hoy ianareo, "tanora aho." Tsy mampaninona izany. Tsy manao fanavahana olona ny fahafatesana, na taona na fahaiza-manao.

126 Hanaiky Azy ho Mpamonjy manokana ve ianareo ankehitriny, amin'ny fananganana ny tànanareo, manao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko"? Atsangano ny tànanareo miaraka amin'ny sisa amin'ireto, ka manaova hoe, "Te-hanaiky an'i Kristy aho ankehitriny." Hanangana ny tànanareo ve ianareo?

127 Olona iray izay niverin-dàlana, manaova hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Te-hiverina amin'i Kristy aho amin'ity hariva ity, mba ho fitsanganana iray rahampitso, vaovao, ho ahy." Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Ataovy ambony ny tànanareo, manaova hoe, "Mamindrà fo amiko. Te-ho avy aho ankehitriny." Hataonareo ve izany? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Efa mpiverin-dàlana iray aho, fa izao hariva izao . . . " Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao. Tsara izany. "Hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiko manokana aho. Hanaiky Azy aho izao hariva izao. Efa nirenireny aho, taona maro lavitra an'Andriamanitra, fa ankehitriny dia mody aho." Hanaiky Azy ve ianareo izao hariva izao, mba ho fitsanganana vaovao iray ho anareo ity, mba hifarana ny fiainanareo fahiny?

128 Manatona ny alitara ity ramatoa ity, manao ny fiaikeny, mba hitsangana. Misy olon-kafa haka ny toerany eto ve, ho tonga eto miaraka aminy, eo amin'ny fiaikeny? Hitsangana ve ianareo, ka ho tonga eto amin'ny alitara, ihany koa. Misokatra ny alitara. Izany tokoa. Tongava avy hatrany, izao ankehitriny izao. Raha te-hitsangana eto ianareo ka hivavaka, dia ho mety tsara mihitsy izany. Avia. Ho avy ve ianareo? Eo amin'ny fiaiken'ny finoanareo, eo amin'ny finoanareo ny Zanak'Andriamanitra, dia ho avy ve ianareo ankehitriny? Eny àry.

129 Miankina aminareo izany, tsarovy. Ianareo no ilay anankiray. Mpanota iray ve ianareo? Mpiverin-dàlana iray ve ianareo? Mangatsiaka sy lavitra an'i Kristy ve ianareo? Te-hitsangana vaovao miaraka Aminy ve ianareo ankehitriny, hanomboka fiainana vaovao? Ahoana ny aminareo, ry vady lahy sy vady vavy izay efa tany—efa tany ivelany nandritry ny ela, nifamaly tao an-tranonareo? Tsy ho avy ve ianareo ka hanitsy an'izany zavatra izany miaraka amin'Andriamanitra sy samy ianareo ankehitriny? Manaova Paska ho tena Paska iray ho anareo, manomboha tokantrano vaovao iray.

130 Ahoana ny aminareo izay tsy mbola mihitsy, tsy nivavaka mihitsy tao an-tokantranonareo, mody any an-trano fotsiny avy any am-piangonana ary miezaka ny hiaina amin'ny tsara

indrindra izay vitanareo, tsy manao an'ilay fianakaviana hiaraka sy hivavaka? Izany no antony ananantsika ny ditranjatovo sy ireo zavatra izay ananantsika. Izany no antony maharava an'ireo tokantrano Amerikana. Tsy ho avy ve ianareo, hanomboka vaovao izao hariva izao? Hataonareo ve izany? Asaina ianareo. Tsarovy, mpitoriteninareo aho ankehitriny; ho vavolombelona iray aho amin'izany andro izany.

Raha mbola manondrika ny lohantsika isika, arak'izany, ankehitriny ho an'ny vavaka.

131 Rainay any An-danitra Isaorana, mitondra eo Aminao an'ity mpanatrika ity izahay izao hariva izao, ao amin'ny haja masina indrindra an'ny fanajana izay fantatray. Manatona am-panetretena Ny Seza fiandriananao izahay. Ary aorian'ny Hafatra izao hariva izao, io, io fandevenana lehibe io, dia tsy nitoetra nangina mihitsy Izy, nanohy nandeha tao amin'ireo faritra mihitsy ny Fanahiny ary namarana an'ireo asan'Andriamanitra, izay nodidiana mba Hataony. Ary rahampitso maraina, dia ho hitanay izay Nandehanany tany amin'ireo faritra ambony, nandresy ny zavatra rehetra, tao amin'ny Fitsanganany. Fa nivoaka Izy tamin'ny marainan'ny Paska ho an'ny fanamarinana anay. Ary hitanay fa nandefa ny Fanahy Masina indray Izy, mba handresy lahatra ny olona ny amin'ny fahotana.

132 Ary mivavaka izahay izao hariva izao, Tompo, mba ho tsarovana eo Anatrehanao anie ireo izay nanangana ny tànany. Enga anie ho avy amin'ny fon'izy ireo ny fanapahan-keviny izao hariva izao, hoe nandray Anao izy ireo, ary mino Anao, ka enga anie izy ireo ho voaisy tombokase amin'ny Tombokasen'ny teny fikasana izao hariva izao, ny Fanahy Masina. Ekeo izany, Ray. Fa, apetrakay Aminao izy ireo, miaraka amin'ity Hafatra androany hariva ity. Enga anie Izany hitahy an'ireo izay nandre Azy, ireo, Tompo, izay hitondra an'Izany miaraka amin'izy ireo any antranony, ary handentika Azy lalina ao am-pon'izy ireo. Enga anie izy ireo hiaina amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ekeo izany, Ray, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

Ny Fandevenana MAG57-0420
(The Entombment)
Fifohazan'Ny Paska mitohitohy

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Sabotsy hariva, 20 Aprily, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org